

## LALAO FAMPINANARANA MOMBA NY VARIKA

# Boky firaketana entina hitsidika an'i Madagasikara mandritra ny fankalazana ny dihin'ny varika maneran-tany 2020

### ***Vonona ve ianao? Andao hitsidika an'i Madagasikara!***

Ity lalao ity dia natao ho an'ny olona rehetra te hianatra momba ny varika.

Afaka anaovana azy daholo ny toerana rehetra: ao an-dakilasy raha mpampianatra ianao, mandritran'ny fampirantiana momba ny varika raha mpanentana, mandritra ny fankalazana ny dihin'ny varika raha vondrona misehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny varika, ary raha ray amandreny tia hampifaly ny zanaka dia afaka atao ao an-trano izany.

### ***Torolalana***

Hitety faritra telo (3) eto Madagasikara ny mpandray anjara. Ireo faritra ireo no fonenan'ireo karazana varika izay omena sehatra manokanana amin'ny fankalazana ny dihin'ny varika maneran-tany 2020. Mila latabatra telo izany, latabatra iray isaky ny faritra tsidihina.

1. Isaky ny faritra dia ampiasao ireo pejy misy ny mombamomba ilay karazana varika hita ao amin'ilay toerana.
2. Avy eo dia ataovy izay asa voatokana ho an'ilay faritra ary soraty anatin'ilay *boky firaketana momba ny varika* izay zavatra nianaranao.



WORLD  
**LEMUR**  
FESTIVAL  
2020



## IREO TOERANA IJANONANA

### TOERANA #1 Atsimo atsinanan'i Madagasikara : Varika (*Eulemur collaris*)

#### Ireo tsara ho fantatra momba azy

Ny varika atao hoe *Eulemur collaris* dia monina ao atsimo atsinanan'i Madagasikara, izay ahitana ala maina. Voankazo no tena foto-tsakafony ary mpanaparitaka voa ao anaty ala izy. Rehefa mihinana voankazo tokoa mantsy ny varika, dia tsy mba levony izany ireny voa ireny. Hany ka avy hatrany dia manaraka ao amin'ny tainy ireo voa ireo. Saingy, tsy teo amin'ilay toerana ninanany ilay voankazo nefa izy no manao izany malotony izany, fa maka toerana lavidavitra mihitsy. Rehefa mandeha ny fotoana, dia mitsimoka ireny voa ireny ary manomboka maniry ao amin'io toerana io, dia lasa mitombo, mamalena ary lasa hazo lehibe. Fehiny, ny varika no mpamboly ny hazo any anatin'ny ala fonenany.



#### Inona no atao? - Mpamindra vovo-bony

Ireo ilainao:

- Taratasy na gazety
- Rano
- Fanodinana sakafo na "blender"
- Vilia baolina
- Masomboly voninkazo (mila voa mety amin'ilay tany ambolena)

Toromarika:

1. Etezo madinika ny taratasy (3cm x 3cm). Ataovy anaty vilia baolina.
2. Rarao rano ao anaty vilia baolina mba ho lena sy halefaka ilay taratasy. Avelao ao mandritran'ny 20 minitra.
3. Potipotehina amin'ny alalàn'ilay fanodinana sakafo ireo taratasy. Fanamarihana: tokony ho lena tsara ny taratasy, aza mbola tsihifina ny rano. Raha vao mifangaro dia tokony hanana fitoviana toy ny tanimanga. Saromy foana ilay vilia baolina mba tsy ho maina ilay potina taratasy.
4. Mandraisa potin'ilay tarasy lena eraky ny tanana dia fisaho. Asio masimboly voninkazo vitsivitsy eo amboniny dia rakofy potina taratasy hafa nofisahana. Potsero mafy tsara mba hipetaka tsara sy ho voatsindry tsara ao anatin'ny ao ilay masomboly.

5. Ataovy amin'izay endrika tianao ilay izy avy eo: atao boribory toy ny manao henabaolina ohatra, na atao sarina fo... Mampiasa zavatra maranitra mba ahafahanao manapaka azy araky ny sary tianao. Rehefa vita izay dia avelao ho maina mandraparain'ny andro.
6. Ataovy toy ny nataon'ny varika aza, mandehana manaparitaka ny voa namboarinao: eny amin'ny zaridaina, any anaty ala, na eny amin'ny toerana maitso mety afaka anirian'ny zava-maniry. Fanamarihana: Vanim-potoana fahavaratra no tena tsara anaparitahana azy. Ny orana mantsy no mamotika ilay taratasy sy manampy ny fitsirian'ilay voa.

## TOERANA #2 Avaratra andrefan'i Madagasikara: Sifaka na Tsibahaka (*Propithecus coronatus*)

### Ireo tsara ho fantatra momba azy

Ny Sifaka na Tsibahaka atao hoe *Propithecus coronatus* dia mipetraka anatin'ny ala maina manaraka ny renirano akaikin'ny valan-javaboahary arovana ao amin'ny Tsingin'ny Bemaraha. Ny Sifaka na Tsibahaka dia eny ambony hazo hatrany no ahitana azy. Matanjaka be ny ranjony, ka iny no manampy azy hitsambikina isaky ny hazo. Noho izany tanjany izany indrindra, dia mahavita mitsambikina hatrany amin'ny 9 metatra izy.



### Inona no atao? - Mitsambikina toy ny varika

Ireo ilainao:

- Toerana malalaka ka mafy tsara ny tany
- Zavatra afaka anaovana marika amin'ny tany: tsaoka, biriky...
- Fandrefesana

Toromarika:

1. Manaova tsipika mahitsy 9m
2. Tsipihon'ny ilay tsipika. Asio marika isaky ny 30cm amin'ilay tsipika mahitsy.
3. Mitsangàna eo amin'ny fiandohan'ilay tsipika. Mitsambikina farany izay lavitra makany amin'ny faran'ilay tsipika. Mariho amin'ny tsaoka na biriky na hafa ny toerana nijanonanao.
4. Ampitao amin'ny an'ny Crowned Sifaka amin'izay aza. Teo amin'ny tsipika fahafiry ianao no nijanona?

## TOERANA #3 Atsinanan'i Madagasikara: Simpona, Simpony, Sadabe (faritra Tsinjoarivo) (*Propithecus diadema*)

### Ireo tsara ho fantatra momba azy

Ny Simpona na Simpony na Sadabe atao hoe *Propithecus diadema* dia mipetraka any anatin'ny ala mando ao Atsinanan'i Madagasikara. Ny valan-javaboahary arovana ao Andasibe-Mantadia izao no toerana iray tena mora ahitana azy. Adiny telo miala ao Antananarivo no misy ny vala-javaboahary arovana Andasibe..

Ny Simpona no karazana sifaka lava indrindra. Manao fisafoana sy miaro ny toeram-ponenany no tena andaniany ny androny. Mandany hery tokoa izany fivezivezena izany. Vokany, sakafo be otrikaina sy mampatanjaka foana no hoaniny, ary tena mandany andro tokoa izy mitady izany.

### Inona no atao? - Karohy ny teny

Ireo ilaina:

- Ilay pejy "Karohy ny teny" (Pejy farany ao amin'ilay *Naoty momba ny varika* )
- Fanoratana: stylo, crayon, marqueur...

Instructions:

1. Manao ny fisafoana mahazatra isan'andro tahaka ny Simpona ianao!  
Karohy ireo teny voatanisa eo ambany mba ahafahanao mahazo hery hanaovana ny fisafoana.
2. Mila hitanao daholo ireo teny irep vao vita ny fitsidihanao ny faritra Atsinanan'i Madagasikara.

